# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Novambra 2018

**3** **Asabotsy**
novambra

**Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibidia rehetra... Ary hoy izy tamin-dravehivavy : Hanky ! efa nataon'Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin'ny saha ?** Genesisy 3. 1

**Dia nanatona ny mpaka fanahy ka nanao taminy *(tamin'i Jesosy)* hoe : Raha Zanak'Andriamanitra Ianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe : Voasoratra hoe ...** Matio 4. 3, 4

## Resaka roa

*Vakio Genesisy 3 sy Matio 4. 1-11*

Tantara roa ao amin'ny Baiboly no nakana ireo andinin-tSoratra Masina roa anjarantsika androany ireo, tantara-na resaka roa naroson'ny devoly.

— ny voalohany dia nitranga tao amin'ny saha Edena, taorianan'ny nahariana ny olombelona. Niaina sambatra tanteraka i Adama sy Eva, no indro tonga i Satana namafy fisalasalana tao an-tsain'izy ireo, nilaza fa misy zavatra tsy tian'Andriam anitra ho azon'izy mivady. Fantatra ny tohin'ny tantara : nihaino izany lainga izany izy ireo, ka nisalasala tamin'izay nolazain'Andriamanitra taminy. Tsy nankatò Ilay Mpahary azy izy ireo, ka voaroaka tsy ho eo amin'ny fanatrehany intsony.

— taonarivo maro tatỳ aoriana dia nisy izao tantara izao : tany an-taniefitra Jesosy, taorianan'ny nifadiany hanina nandritra ny efapolo andro. Tamin'izay no tonga ny devoly, haka fanahy Azy intelo. Ary tamin'ireo fakam-panahy telo ireo Jesosy dia niorina hatrany tamin'ny Soratra Masina fantatra tamin'izany fotoana izany (ny Testamenta Taloha), mba handavany ny tolotra nomen'ny devoly Azy. Resy ny devoly, ka tsy nisisika intsony ary lasa nandeha.

Mifanohitra tanteraka ireo tantara roa ireo ! Iretsy mpivady voalohany dia nisalasala tamin'ny tenin'Andriamanitra ; fa Jesosy kosa, Ilay lehilahy avy any an-danitra, dia nifahatra tamin'izany. Izy mivady nanaiky hotaomin'ny devoly, fa Jesosy kosa nahazo ny fandresena.

Aoka ho mailo isika, satria tsy niova ny tetik'i Satana. Fantany tsara fa raha vitany ny mamafy fisalasalana ao an-tsaintsika, momba ny maha marina na ny maha ara-toetrandro ny andinin-tSoratra Masina izatsy na izaroa, dia efa akaiky handresy tanteraka izy. Aoka isika hamaky am-pahatsorana ny Baiboly, aoka handray am-pahatokiana izay lazainy. Niteny Andriamanitra, aoka isika hino Azy !